Mahasoa ny Fifehezan'ny Ray Aman-dreny

Mety ho mafy be aminao ny hoe mankatò ray aman-dreny foana. Hanampy anao ity fampiasana ity mba hahita hoe inona no mahatsara an'ilay izy. Azonao ifampiresahana amin'ny ray aman-dreninao koa izy ity.

INONA ILAY IZY?

Soraty hoe inona ny zavatra tsy avelan'ny ray aman-dreninao hataonao ka hitanao hoe tena mafy.

- Nahoana no mafy aminao ilay izy?

- Ianao ve anefa mahita hoe misy *mitombina kely* ihany izay teneniny?

- Araka ny hevitrao, nahoana ianao no tsy avelan'ny ray aman-dreninao hanao an'ilay izy?

- Hitanao ve hoe nisy zavatra tsy noeritreretiny tsara tamin'ilay izy? Raha eny, inona izany?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Inona no mba tianao hahitsy amin'ilay izy?

Araka ny hevitrao, inona no mety holazain'ny ray aman-dreninao raha mba mangataka ianao hoe hahitsy ilay izy?

Nahoana izy ireo no miteny an'izany?

Mila manao ezaka elaela angamba ianao vao tsy hanahy intsony izy ireo. Inona àry no azonao atao? (Tadidio: Ny toky fitaka, fa ny atao no hita.)

Inona no tena mampanahy ny ray aman-dreninao aminao?

Ahoana raha ianao indray no ray aman-dreny manan-janaka tanora? Mba misy zavatra tsy avelanao hataon' ny zanakao koa ve? Inona ilay izy, ary nahoana izy no tsy havelanao hanao an'ilay izy?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

AZO ATOKISANA TSARA VE IANAO?

Ny ataonao ihany no mahatonga ny ray aman-dreninao hatoky anao na tsia. Inona ny zavatra sasany nataonao ka nahatonga azy ireo *tsy dia hatoky* anao intsony?

Inona ny zavatra sasany nataonao ka nahatonga ny ray aman-dreninao *hatoky* anao bebe kokoa?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Efa azon'ny ray aman-dreninao atokisana tsara ve ianao, ka afaka miresaka aminy momba an'ilay zavatra tsy avelany hataonao? Sa ianao mbola mila miandry?

Raha hitanao fa mbola mila miandry ianao, inona no azonao atao mba hahatonga an-dry zareo hatoky anao bebe kokoa?

SOSO-KEVITRA: Asehoy ny ray aman-dreninao ity fampiasana ity rehefa avy nofenoinao, ary ifampiresaho aminy.

Rehefa *mifampiresaka* ianareo, dia tadidio izao lazain'ny Baiboly izao: "Mampitony fahatezerana mafy ny valin-teny malefaka, fa ny teny maharary kosa mahatonga fahasosorana." —Ohabolana 15:1.

FANTATRAO VE? Hanampy anao koa ity fampiasana ity, rehefa mila miresaka amin'ny mpampiasa anao ianao. Mety hisy zavatra tsy avelany hataonao, ohatra, nefa tianao horesahina aminy.

"Toy ny hoe mandoa trosa any amin'ny banky ianao, raha mankatò ny fitsipika apetraky ny ray aman-dreninao. Hatoky anao kokoa izy, raha mankatò azy foana ianao, ka hekeny izay hangatahinao."—Avy ao amin'ny *Manontany ny Tanora —Torohevitra Mahasoa,* Boky Faha-2.

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania